

## **A FIFANDIRANA NY AMIN'NY FANEKENA.**

### ❖ ILAY FANEKENA FAHINY:

- Teny fikasana lehibe: Fiainana tsara kokoa ho valin'ny fankatoavana.  
Levitikosy 18:5.

### ❖ ILAY FENEKENA VAOVAO:

- Teny fikasana tsara lavitra: Famonjena amin'ny alalan'ny finoana ny ran'i Jesosy irery ihany.  
Romana 5:9.

- ❖ Ilay Fanekena Fahiny dia niankina tamin'ny fitandremana na tsia ny lalàna mba ho fitahiana na ho ozona. Izany no natao dia noho ny hamafin'ny fon'izy ireo (Marka 10:5), fa amin'ny alalan'ny finoany an'Ilay Zanak'Ondrin'Andriamanitra, izay ho faty ho azy ireo, irery ihany no nahazoany ny famonjena.

## **B FIFANDIRANA NY AMIN'NY LALÀNA.**

- ❖ Nitady izay hitandreman'ny Krisitiana Jentilisa ny lalàn'i Mosesy (sy ireo fomba amam-panaon'ny Fariseo) ny Kristiana Jiosy.

- ❖ Namoaka karazana-didy sy lalàna samihafa Andrimanitra tany amin'ny Testamenta Taloha:

- Lalàna moraly. Ohatra: Ny Didy 10.
- Lalàna seremôniely. Ohatra: ireo biby atao fanatitra.
- Lalàna sivily. Ohatra: Aza ovana ny faritry ny tanimboly.
- Lalàna ara-pahasalamana. Ohatra: Fitokanana efapolo andro.
- Lalàna samihafa. Ohatra: Mamela ny sisa eo an-tanimboly ho an'ny malahelo.

- ❖ Iza amin'ireo lalàna ireo no tsy maintsy tandremantsika amin'ny maha-mpino antsika? Nahoana?

## **D FIFANDIRANA NY AMIN'NY FAMONJENA.**

- ❖ Nihevitra ireo Fariseo fa ny famonjena dia tsy azo raha tsy amin'ny fitandremana tanteraka ny lalàna.

- ❖ Ao amin'ny Romana, Paoly dia nanao izay nampahazava fa ny famonjena dia fanomezana maimaimpoana omen'Andriamanitra ireo izay mino ny fanatitra fanonerana nataon'i Jesosy.

## **E MAMAHA FIFANDIRANA.**

- ❖ Nety ho namotika ny fiangonana ny fifandirana ny amin'ny fitandremana ny lalàna sy ny fomba amam-panao Jiosy, kanefa noho ny Fanahy Masina dia nivaha tamin'ny fomba mahagaga izany olana izany (Asa 15).

- ❖ Nolanian'ny filan-kevitra fa ny mpino Jiosy dia tsy tokony hanery ny hametrahana ireo fitsipika nataon'olombelona ho eo amin'ny Jentilisa. Tian'izy ireo koa anefa ny hahazo antoka fa tsy hanao izay hahatezitra ny Jiosy izay iray aminy ao amin'i Jesosy ireo Jentilisa ireo.

## **F MISOROKA FIFANDIRANA.**

- ❖ Na dia teo aza ny fehin-kevitra navoakan'ny filan-kevitra tany Jerosalema, dia nisy mpampianatra sasany izay mbola nikiry sy namorona olana goavana tany amin'ny fiangonana sasany.

- ❖ Niady tamin'ny fihetsehana toy izany i Paoly tany amin'ny Galatiana sy Romana, tamin'ny fampianarana azy ireo hanohitra ireo fahadisoana ireo.